# Voafatotra amin’ny Mpamonjy amin’ny alalan’ny fanekempihavanana sy ireo ôrdônansy



HEVI-DEHIBEM-PIOFANANA HO AN’NY FILANKEVITRY NY VONDROMPARITRA, FILANKEVI-PANDRINDRANA, FILANKEVITRY NY MISIÔNA, FILAN-KEVITRY NY TSATÒKA, SY NY PAROASY, ARY NY SAMPANA

*Mandritra ity torolalana ity ianareo dia hahita sy handre zavatra niainana avy amina ankizy, zatovo, sy tanora ary olon-dehibe eo amin’ny dingana samihafa eo amin’ny fivoarana ara-panahin’izy ireo ny amin’ny fahatongavana ho voafatotra amin’ny Mpamonjy amin’ny alalan’ny fanekempihavanana sy ireo ôrdônansy. Ho renareo ny fomba nanampian’ny fitiavana, sy ny fizarana, ary ny fanasana azy ireo hivoatra amim-pifaliana eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanana. Mety hohitanareo hoe mandray anjara amin’izany avokoa ny fizarana ny filazantsara, ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana, ary ny fikarakarana ireo sahirana. Saingy ambonin’izany rehetra izany dia mety ho tsikaritrareo ny hoe ireo zavatra rehetra ireo dia “[voangona] ho iray ao amin’i Kristy” (Efesiana 1:10).*

## DINGAM-PIAINANA 1: ANKIZY

**Jereo ny horonan-tsary ahitana ny Filoha Joy D. Jones sy ny ankizy, avy eo dia ifanakalozy hevitra ny zavatra handeha ho ataonareo hanampiana ny ankizy hifamatotra amin’ny Mpamonjy eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanana.**



- Inona no nampianarin’ny Fanahy antsika teo am-pijerentsika io horonan-tsary io?
- Manampy ny ankizy amin’ny fiezahan’izy ireo mizara ny filazantsara amin’ny fomba ahoana ny fitiavana sy ny fizarana ary ny fanasana?
- Ahoana no anampian’ny asa fanompoana an’ireo ankizy hijanona eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanana aorian’ny batisa?

## DINGAM-PIAINANA 2: ZATOVO

**Jereo ny horonan-tsary ahitana ny Filoha Bonnie H. Cordon sy ny Filoha Stephen J. Lund sy ny zatovo, avy eo dia ifanakalozy hevitra ny zavatra handeha ho ataonareo hanampiana ny zatovo hifamatotra amin’ny Mpamonjy eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanana.**

- Ahoana no ahafahantsika manampy ny zatovo hitandrina ny fanekempihavanana nataon’izy ireo tamin’ny batisa sy hiomana ho amin’ny dingana manaraka eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanana?
- Manampy ny zatovo handray anjara amin’ny asa atao any amin’ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana amin’ny fomba ahoana ny fitsipiky ny fitiavana sy ny fizarana ary ny fanasana?
- Ahoana no ahafahantsika manampy ny zatovo hahatsapa fanantenana sy fiombonana eo am-pahatongavan’izy ireo ho mifamatotra amin’ny Mpamonjy?

## DINGAM-PIAINANA 3: TANORA

**Jereo ny horonan-tsary ahitana ny Filoha Mark L. Pace sy ny tanora tokan-tena sy mpivady vao erotrerony, avy eo dia ifanakalozy hevitra ny zavatra handeha ho ataonareo hanampiana ny tanora hifamatotra amin’ny Mpamonjy eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanana.**

- Inona no ianarantsika avy amin’ny fitiavana sy ny fizarana, ary ny fanasana izay omen’ny hafa antsika?

- Ahoana no ahafahantsika manampy ny tanora hahatsapa fanantenana sy fiombonana eo am-pitomboan'izy ireo amin'ny lafiny fizakan-tena sy ny fanompoana ny hafa?
  Ahoana no ahafahantsika manampy azy ireo hahafantatra fa izy ireo dia ilaina ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo?
- Inona no anjara asa sahanin'ireo hetsika manan-danja karakarain'ny Fiangonana sy ireo mpitarika feno fiahiana amin'ny famatorana ny tanora sy ny mpivady vao erotrerony amin'ny Mpamonjy?

## DINGAM-PIAINANA 4: OLON-DEHIBE

**Jereo ny horonan-tsary ahitana ny Filoha Jean B. Bingham sy ny olon-dehibe, avy eo dia ifanakalozy hevitra ny zavatra handeha ho ataonareo hanampiana ny olon-dehibe hifamatotra amin'ny Mpamonjy eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.**

- Amin'ny fomba ahoana no hitondran'ireo fanekempihavantsika fanasitranana sy hanampy antsika hijanona eo amin'ilay lalana, eny na dia amin'ireo fotoan-tsarotra aza?
- Inona avy ireo fomba hitantsika mba hanampiana ireo mpikambana sy ny hafa hampifamatotra ny tenan'izy ireo amin'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanekempihavana sy ireo ôrdônansy?
- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fananana fizakan-tena ara-panahy antsika hitia sy hizara ary hanasa?

**LOHARANOM-PITAOVANA HO AN'NY FILANKEVITRY NY VONDROMPARITRA, FILANKEVI-PANDRINDRANA, FILANKEVITRY NY MISIÔNA, FILANKEVITRY NY TSATÒKA, SY NY PAROASY ARY NY SAMPANA**

# Ho an'ny ankizy sy ny zatovo

**TOPIMASO MOMBA NY ANKIZY SY ZATOVO**

*Ny fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo dia natao hanamafy orina ny finoan'ny taranaka vao misondrotra an'i Jesoa Kristy ary hanampy ny ankizy sy ny zatovo ary ny fianakavian'izy ireo handroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana eo am-piatrehan'izy ireo ireo olan'ny fiainana. Manampy ny ankizy sy ny zatovo izany amin'ireo ezaka ataon'izy ireo mba handray anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely sy ny asa famonjena ary ho an'ny fisandratana eo amin'ny fiainan'izy ireo andavanandro. Mifototra amin'ny ao an-tokantrano ary hamafisina any am-piangonana izany.*



## FANANTENANA HO AN'NY TARANAKA VAO MISONDROTRA

Ny Ankizy sy Zatovo dia manampy ny taranaka vao misondrotra hivoatra amin'ny fomba maro, anisan'izany amin'ny alalan'ny fandraisana fanambarana, sy ny fampiasana ny fahafahana misafidy, ary ny fifandraisana. Mianatra mandray sy manao asa mifanaraka amin'ny fanambarana ho an'ny tena manokana ny olon-drehetra rehefa mampiasa ny fahafahan'izy ireo misafidy sy misafidy ny hivoatra ho an'ny tenan'izy ireo izy ireo. Mitranga ihany koa izany rehefa mianatra mitarika ao amin'ny kôlejy sy ny fiadidian'ny kilasy ny zatovo. Mikolokolo fifandraisana amin'ny fianakavian'izy ireo, sy ireo mpitarika azy ireo sy ny hafa mitovy taona aminy izy ireo rehefa miara-miasa sy miara-manompo ary lasa mahafantatra fa izy ireo dia tsy vahiny ary ilaina ao amin'ny asan'ny Tompo.

## INONA NO HANOMBOHANTSIKA IZANY ANIO?

Asaintsika ny ankizy, sy ny zatovo, ary ny ray aman-drenin'izy ireo sy ny mpitarika azy ireo mba hanolo-tena na hamerina hanolo-tena ho lasa tahaka ny Mpamonjy kokoa amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny asany. Tsy voatery ho sarotra akory ny ezaka toy izany! Ireto misy zavatra atao hanombohana azy:

### Ray aman-dreny

- Angony ny fianakavianao mba handalina ny filazantsara. Mety hanampy ireo loharanom-pitaovana *Avia*, hanaraka Ahy. Azonao heverina ny hanao fifanakalozan-kevitra momba-na lohahevitra toy ny fanekempihavanana, fanambarana, sy ny fahafahana misafidy, ary ny tsodranon'ny patriarika.
- Manaova drafitra ho ana hetsika iarahan'ny mpianakavy manao. Ahoana no ahafahanareo manompo amim-pitandremana olona iray eo amin'ny manodidina anareo na ao amin'ny fiarahamonina misy anareo? Ny JustServe, raha misy amin'ny fiteninareo, dia afaka manampy anareo hahita hevitra.
- Iresaho tsirairay ny zanaka lahy sy ny zanaka vavy tsirairay. Resaho ny zavatra mahaliana azy ireo sy ny amin'ny fomba irian'izy ireo hivoarana. Fanampiana sy fanohanana azy ireo amin'ny fivoaran'ny tena manokana. Resaho ny momba ireo tanjona napetrak'izy ireo na izay tian'izy ireo hotanterahina.

### Mpitarika ao amin'ny Kilonga

- Fantaro ireo toe-javatra iainan'ny ankizy any an-tokantrano ary mikatsaha fanambarana hanampiana azy ireo tsirairay avy.
- Atombohy amin'ny fanaovana fivoriana isan'alahady sy hetsika ho an'ny Kilonga, mivantana na virtoaly (rehefa tsy misy loza atahorana sy nahazoana lalana).
- Aza miahiahy ny amin'ny fampifandraisana ny tanjon'ny olona tsirairay amin'ireo hetsika! Ny tanjonao dia ny mifandray amin'ny ankizy sy ny ray aman-drenin'izy ireo ary ny mitahy azy ireo, indrindra rehefa mila fanampiana na mangataka fanampiana izy ireo.

### Olon-dehibe mpitarika zatovo

- Atombohy amin'ny fanaovana fivoriana sy kôlejy isan'alahady sy hetsika iarahan'ny kilasy, mivantana na virtoaly (rehefa tsy misy loza atahorana sy nahazoana lalana). Amporisiho ny zatovo hanao tsianjery ny faneva vaovaon'ny Zatovovavy sy ny an'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna ka hanomboka ireo fivoriana amin'izany.
- Miantsoa fiadidian'ny kôlejy sy fiadidian'ny kilasy, tendreo ho amin'izany izy ireo ary asaivo mandray andraikitra. Ampio izy ireo hanao fivorian'ny fiadidiana tsy tapaka sy hanao drafitra ary hitarika ireo fivoriana isan'alahady sy ireo hetsika. Manaova filan-kevitry ny zatovo, ary amporisiho ny fandraisana anjara amin'ireo fivoriam-pandrindra ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny asa atao any amin'ny tempoly ary ny tantaram-pianakaviana. Tariho sy tohano araka izay ilaina ireo fiadidiana kanefa tsy misalovana ny andraikitr'izy ireo. Ampio ireo fiadidiana hianatra ireo fahaiza-manao amin'ny fitarihana amin'ny alalan'ny fampiasana ireo loharanom-pitaovana ho an'ny fiadidian'ny kôlejy sy ny fiadidian'ny kilasy.
- Manaova drafitra manaraka ireo torolalana ho an'ny fiarovana ho an'ny lasin'ny zatovo sy ny fihaonamben'ny zatovo amin'ny 2021.
- Aza miahiahy ny amin'ny fampifandraisana ny tanjon'ny olona tsirairay amin'ireo hetsika! Afantohy any amin'ny fifandraisanareo amin'ireo zatovo ny herinareo. Mety hanampy ireo fiadidian'ny kôlejy sy ny kilasy ihany koa ianareo mba hampifandray ireo hetsika amin'ireo zavatra ilain'ny zatovo.

**HO FAMPAHALALANA MISIMISY KOKOA DIA JEREO NY CHILDRENANDYOUTH.CHURCHOFJESUSCHRIST.ORG.**

# Ho an'ny olon-dehibe

## IREO TOERAM-PIVORIANA HO AN'NY TANORA TOKAN-TENA

Ny Fiadidiana Voalohany dia nanome lalana ireo vondromparitra ny hanangana toeram-pivoriana ho an'ireo tanora tokan-tena arakaraka ny filan'ny vondromparitra. Ny toeram-pivoriana iray dia toerana iray voatondro ao amina trano iray efa misy (toy ny trano fiangonana na trano fivoriana ho an'ny institiota) izay ahafahan'ireo tanora tokan-tena sy ireo namany mivory mba handray anjara amin'ny sasany na ireto rehetra manaraka ireto (arakaraka ny filana sy loharano misy eo an-toerana):

- Fampianarana sy fianarana ny filazantsara (isan'izany ny institiota)
- Asa fanompoana sy fiaraha-mientana ara-tsôsialy
- Fiaraha-mientana momba ny asan'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana
- Zavatra azo atao momba ny fizakan-tena sy ny fahafahana mandranto fianarana
- Hetsika itoriana ny filazantsara sy hanaovana tolo-tanana ao amin'ny fiarahamonina
- Fandaharan'asa hafa karakarain'ny Fiangonana



Ireo toeram-pivoriana rehetra dia tsy maintsy ahazoana fankatovana avy amin'ny Fiadidian'ny Vondromparitra sy voaramason'ireo filohan'ny tsatòka sy ireo eveka.

## ANTSO HO AN'NY TANORA TOKAN-TENA SY IREO OLON-DEHIBE TOKAN-TENA

Ireo fanovana teo amin'ny fenitra arahina sy ireo fanazavana natao vao tsy ela dia nampisava ireo mety ho tsy fahatakarana na fomba fanao diso momba ireo famerana mikasika ny fahafahan'ireo mpikambana tokan-tena hanompo ato amin'ny Fiangonan'ny Tompo. Ireny fanovana teo amin'ny fenitra arahina sy ireny fanazavana ireny, izay nankatoavin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy fampidirana izany ao amin'ny *Boky torolalana maneran-tany*, dia manazava fa ireo tanora tokan-tena sy ireo olon-dehibe tokan-tena dia afaka mandray fitahiana avy amin'ny hafa sy mitahy ny hafa amina antso maro, isan'izany ny antso amin'ny maha-mpitarika eo anivon'ny tsatòka sy any amin'ny paroasy. Mihatra ireo fitsipika ireo ankehitriny any amin'ireo rantsana rehetra ato amin'ny Fiangonana, anisan'izany ireo rantsan'ny tanora tokan-tena sy ny olon-dehibe tokan-tena. Nofoanana ireo famerana manakana ireo tanora tokan-tena sy ireo olon-dehibe tokan-tena tsy hanompo ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, sy ny episkôpà, ary ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana eo anivon'ireo rantsan'ny tanora tokan-tena sy ny an'ny olon-dehibe tokan-tena.

Ireo mpikambana tokan-tena dia afaka manompo amina andraikitra maha-mpitarika, tafiditra ao anatin'izany ireo rafi-piadidiana eo anivon'ny tsatòka sy ny paroasy, ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona, mpanolotsaina ao amin'ny episkôpà, mpikambana ao amin'ny filankevitra avo, ary mpanolotsaina ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka.

© 2021 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Version: 3/21. PD60012741 654 Natonta tany Etazonia

# Mila sy mandray ny rehetra—Mitia, sy mizara ary manasa

Rehefa manana olana amin'ny fahatsapan-tena ho voaray tsara ireo mpikambana, indraindray ireo mpitarika sy ireo hafa dia afaka miteny zavatra tsy nahy izay manamafy ny fahatsapan'ireo mpikambana ireo fa tsy ao amin'ny toerana tokony hisy azy izy ireo na tsy ilaina.

Ny fitadidiana ireto fitsipika momba ny fitiavana, sy ny fizarana ary ny fanasana ireo dia mety hanampy amin'ny fandraisana ny rehetra amin'ireo fiaraha-mientana, sy fandraisana ho namana, ary hahatsiaro ho mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy:




- Ny olona tsirairay dia zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra ary manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra. Ankoatra ireo fitahiana mandrakizay ampanantenainy ireo mahatoky dia te hitahy ireo zanany rehetra Izy amin'izao fotoana izao, ary mandritra izao fiainana izao.
- Ny zanak' Andriamanitra tsirairay dia ilaina ao amin'ny asa fanorenana ny fanjakany.
- Mba hanampiana ny olona iray hahatsapa fa mpikambana feno sy ilaina izy, dia atombohy amin'ny fitiavana. Mihainoa mba hahatakarana ireo zavatra niainany. Aza mihevitra hoe efa fantatrao na takatrao.
- Tsy manana ny valin'ireo fanontaniana rehetra atrehantsika na ny hafa eo amin'ity fiainana ity isika. Ohatra, isika dia tsy mahafantatra ireo anton-javatra mety mahatonga ny olona iray hiatrika fanamby iray voafaritra.
- Mihainoa ary aza mitsaratsara. Raiso tsara ny olona tsirairay na manao ahoana na aiza misy anao eo amin'ny lalana diavinao. Manolora tena hanampy, ary mifantoha amin'ilay fahamarinana fa ny olona tsirairay dia ilaina ato amin'ny Fiangonana.
- Raha toa ianao ka nahateny zavatra mandratra tsy nahy, dia aza manamarin-tena; mialà tsiny ary avy eo mikatsaha famelan-keloka sy fiovana.

**HO FAMPAHALALANA MOMBA NY FANAMPIANA IREO MPIKAMBANA MIAINA TOE-JAVATRA MANOKANA, DIA JEREO NY COUNSELINGRESOURCES.CHURCHOFJESUSCHRIST.ORG.**

## MANAMPY NY MITENY HOE

- **Tonga soa! Ilaina sy tiana ianao. Misaotra noho ny fahatongavanao.**
- **Lazao ahy ny zavatra iainanao. Inona no zavatra tianao ho takatro?**
- **Mahafaly anay ny mandray anao ary ilainay ianao na aiza na aiza misy anao eo amin'ny lalana diavinao. Ahoana no hahafahantsika manampy? Ahoana no hahafahanao manampy anay?**
- **Tian' Andriamanitra isika ho sambatra amin'izao ankehitriny izao. Manome fanantenana sy fahasambarana ho an'ny rehetra ny filazantsarany.**






© 2021 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Version: 3/21. PD60012741 654. Natonta tany Etazonia